



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavane · Tenindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA  
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-54EX

**LANONAM-PAMARANANA NY FOTOAM-PIVORIANA TSY  
ARA-POTOANA VOALOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,  
TAONA 2020**

Fivoriana faha-7  
Natao ny  
Alatsinainy 16 Martsa 2020  
- Atoandro -

## **FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Chrisitine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa isany: - RASOLONJATOVO Honoré  
- RABENIRINA Jean Jacques

**FOTOANA:** Alatsinainy 16 Martsa 2020, tamin'ny 1 ora sy 20 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2020.

- Lakolosy -

- 1 -

**- Fitohizan'ny fivoriana -**

### **Ramatoa FILOHA**

Tompolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantzika.

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2020 izao.

langaviana ampanajana, Andriamatoa Mpitantsoratra, mba hamaky ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2020-341 tamin'ny faha-15 Martsa 2020, izay mampiato izao fotoam-pivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena izao.

- 2 -

**- Famakiana ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2020-341 -**

### **Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques**

Andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Mivory tsy ara-potoana araka ny lahadinika voafaritra ny Antenimierampirenena noho ny fitarihan'ny Praiminisitra, na noho ny fangatahan'ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena araka ny Didim-panjakana noraisin'ny Filohan'ny Repoblika teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra.

Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana; na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny lahadinika izay niantsoana ny Antenimierampirenena dia faranana amin'ny alalan'ny Didim-panjakana ny fivoriana.

Didim-panjakana laharana faha-2020-341

**PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE**

**DECRET N°2020-341**

**Portant clôture de la session extraordinaire du Parlement**

**LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,**

Vu la Constitution, notamment en ses articles 76 et 85;

Vu le décret n°2019-1407 du 19 juillet 2019 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;

Vu le décret n°2020-070 du 29 janvier 2020 portant nomination des membres du Gouvernement;

Vu le décret n°2020-212 du 26 février 2020 portant convocation du Parlement en session extraordinaire;

Sur proposition du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,  
En Conseil des Ministres.

**DECRETE:**

**Article premier:-** La session extraordinaire du Parlement est déclarée clôturée le 15 mars 2020.

**Article 2:-** En raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6, alinéa 2 de l'ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée ou télévisée, indépendamment de son insertion au Journal Officiel de la République.

**Article 3:** - Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation et le Ministre de la Communication et de la Culture sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera enregistré et publié au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo, le 15 Mars 2020

Par Le Président de la République,

Andry RAJOELINA

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

NTSAY Christian

Misaotra, Ramatoa Filoha.

**Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, isaorantsika Andriamatoa Mpitantsoratra tamin'ny famakiana ny andininy tao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana teo.

Araka izay voalaza teo, feno izany ny fepetra ahafahana mamarana izao fotoam-pivoriana tsy ara-potoana izao.

Tiana ny manamarika amintsika, fa maharitra 12 andro izany fivoriana izany; nanomboka tamin'ny faha-4 Martsa 2020 ary mifarana araka ny Didim-panjakana novakiana teo, tamin'ny faha-15 Martsa 2020. Andro Alahady anefa io datin'ny faha-15 Martsa 2020 io; izany hoe andro tsy fiasana ka izay no antony nanaovana azy androany Alatsinainy faha-16 Martsa 2020.

Izay no fanazavana fohy sady tsootra azo omena antsika.

- 3 -

**- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**

**Ramatoa FILOHA**

Ramatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Miahny ny Zon'Olombelona;  
 Ramatoa Filoha Lefitry ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy;  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta;  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina;  
 Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila izay tonga manatrika etoana;  
 Ianareo Mpandraharaha namana ato amin'ny Antenimierampirenena;  
 Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;  
 Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ampifaliana sy ampitiavana hatrany no ifanantrehantsika tava androany vory maro manemitra ny trano, miara-mamarana izao fivoriana tsy ara-potoana izao.

Nomban'Andriamanitra mandrakariva isika, ka nanomezany antsika fahasalamana feno ary nahazoantsika ny hery nentina niatrika izay 12 andro izay; nanome tanjaka, indrindra tolo-tsaina nanaovantsika ny asa rehetra.

Misaotra sy mankasitraka, indrindra amin'ny fanotronana hatramin'ny farany izao.

Ianareo ao amin'ny Governemanta, ny Andrimpanjakana sy isika Solombavambahoaka.

Tsy nisy nitsoaka andaharana akory isika; henin-kaja, henim-boninahitra tokoa ny Andrimpanjakana noho ny fananana olom-boafidy mendrika sy mahatsapa ny adidiny.

Tompokolahy sy Tompokovavy, raha ny fizotry ny asa teto, tsikaritra fa navitrika sy nifantoka tanteraka ny Solombavambahoaka ary ny teknisiana niaraka nifarimbona tamin'izany; na teto amin'ny Antenimierampirenena na ny avy tany amin'ny Minisitara tsirairay.

Volavolan-dalàna miisa telo no tonga teto amin'ny biraon'ny Antenimierampirenena, izay antony nampiantsoana antsika hanao an'iny fivoriana tsy ara-potoana iny.

Nodinihana sy lany avokoa izy ireo ary tsy nasiam-panovàna. Koa manainga ny Solombavambahoaka hanao ny tatitra sy hitsidika any amin'ny Kaominina rehetra any mba hanazava ny fizotry ny fotoam-pivoriana nataontsika teto. Ny fitantanan-draharaha teto amin'ny Antenimierampirenena dia efa niezaka namintina ny votoatin'ireo lalàna izay notapahantsika tamin'ity fotoam-pivoriana tsy ara-potoana ity, ankoatra izay, tamin'ny fotoam-pivoriana farany nataontsika teo mba manentana antsika Solombavambahoaka hanao tatitra any amin'ny faritra nahalany antsika avy.

Ankasitrahana koa ny Antenimierampirenena sy ny Governemanta satria na teritery ihany aza ny fotoana nanantsika dia afaka nanao famelabelarana narahana adihevitra sy fametrahana fanontaniana teo amin'ny resaka fiarovana sy fahasalamana ary ny fitaterana sy ny fizahantany. Zava-dehibe ny fanatontosana izany satria nahafahan'ny Mpanatanteraka nahalala ny zava-misy marina any amin'ny faritra sy any ambany ravin-kazo rehetra any. Eto, manentana ny Solombavambahoaka izahay mba hampita any amin'ny vahoaka ireo fepetra noraisina hitandremena sy mifandrify amin'ny hifehezana tsy hiparitahan'ny aretina "coronavirus".

Misaotra ny mpikambana ao amin'ny Governemanta izahay Solombavambahoaka satria afaka nanazava ny fizotry ny aretina ary ny Solombavambahoaka maro an'isa dia afaka nanome ny heviny tamin'izany. Tsy maintsy miara-mientana isika rehetra ary isaorana ny Fiohan'ny Repoblika izay nandray fanapahan-kevitra nifanaraka sy nirindra tamin'ny hetaheta sy fangatahan'ny Solombavambahoaka. Ny fanjakana manao ny tandrifiny, ny vahoaka sy ny Solombavambahoaka miara-misalahy hanatanteraka ny toromarika omena mba tsy hidiran'io aretina io mihitsy eto amintsika.

- 4 -

- Fifaranan'ny fivoriana

#### **Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, tsy hatao lava ny resaka androany, fa amin'ny manaraka indray isika manao misimisy; izay no antonony sy azo aroso tamintsika teto.

Mamerina ny fisaorana sy fankasitrahana ho antsika rehetra.

Mirary soa indrindra ho an'ny vahoaka rehetra isika; mirary soa ho an'ny fitondrampanjakana ho afaka miroso hatrany amin'ny programan'asa mba handrosoan'ity firenena ity sy ny vahoaka ao aminy.

Miandry izay fanapahan-kevitra ho tonga isika na miandry ny fidirantsika amin'ny fotoam-pivoriana ara-potoana.

Misaotra Tompokolahy sy Tompokovavy.

- Lakolosy -

Nifarana tamin'ny 1 ora sy 30 minitra, atoandro ny fivoriana.


  
**NY FILOHA**  
**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**